

FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY EOROPA

TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

TOBILEHIBE ANKARAMALAZA



'Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah.' Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 11 Aprily 2018

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontosika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby.

1. Mikasika ny vola an-tanana: Nahatratra 238 000€ ny vola voahangona hatramin'ny fanombohana ny asa. Toy izao ny vola navoaka mahakasika izany asa izany:
 - 89 000€ nividiana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
 - 9 000€ ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre" (Enreprise Procimmo mivantana), nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan" ary "estimation" voalohany
 - 1000€ tapany voalohany amin'ny fanamboarana ny site web (1500€ no sisa mila efaina)

Noho izany dia mahatratra 139 000€ izao ny vola voaray amin'ny kaontin'ny Toby. Voaisa ao anatin'io ny vola ao amin'ny plateforme Credofunding.

Efa eo am-pikarakarana ny fanakatonana ny compte Credofunding ary harotsaka ao amin'ny compte bancaire-n'ny Fanorenana ny vola 2200€ voahangona (3050€ analàna 850€ anjara commission nalain'ny Credofunding).

2. Vita soa aman-tsara ny plan-ny trano. Tamin'ny 10 aprily teo no naseho voalohany an'ny mairie ao Sedan ny dossier de construction, izany dia ho fanomanana ny permis de construire.

Toy izao ny ankapobeny mikasika ny plan napetraka:

- Notazomina ny configuration en "L" hahafahana manitatra tsara ny trano raha toa ka azo soa aman-tsara ny tany eo akaiky ao aoriana.
- Nosarahana ny salle polyvalente sy ny trano fampiantranoana, na dia mifanolobodirindrina aza. Hevitry ny architecte no narahina tamin'izany, mba hampahazava kokoa ny architecture sady mahamora kokoa ny vidiny rehefa vita ny kajikajy.
- Lasa somary mampahatsiahy fiangonana ny salle polyvalente amin'ny tafo maranitra sy avoavo kokoa raha oharina amin'ny plan teo aloha. Ny tanjona dia ny mba hahatomombana kokoa ny toepanahin'ireo izay miditra sy mivavaka ao.
- Ny trano fandraisana dia miendrika studios, sady misy efitra iarahana anaovana sakafo tamba-be no misy anaovana sakafo manokana isam-pianakaviana.
- Misy toerana parking 35 nomanina eo an-tokontany.

Ireo ambany ireo ny sary mampiseho ny plans sy ny ho paozin'ny trano ary.

3. Raha ny vinavina dia hatao amin'ity faran'ny volana Aprily ity ny sondage géologique, ho fanomanana ny fototra. Ary ny fanombohan'ny asa dia mihemotra amin'ny Septambra. Naka fotoana be be isika mantsy nijerena akaiky ny plans, niarahana tamin'ny architecte matihanina amin'ny Etablissement Recevant du Public, satria tsy tokony miova intsony ireo ao aoriana.